

PERIKOPA ALAHADY 17 Mey 2026
(Péricope du Dimanche 17 Mai 2026)

Salamo / Psaume 27
Asan'ny Apostoly / Actes des Apôtres 1 : 12 - 14
1 Petera / 1 Pierre 4 : 13 - 16
Jaona / Jean 17 : 1 - 11

« Ary tsy ho eto amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin'izao tontolo izao, ary izaho mankany Aminao. Ray masina ô, tehirizo ireo amin'ny anaranao izay nomenao Ahy mba ho iray ihany izy, tahaka ny maha iray Antsika.»

« Maintenant, je ne suis plus dans le monde, mais eux, ils sont dans le monde.

Et moi, je vais auprès de toi. Père saint, garde-les par la force de ton nom, le nom que tu m'as donné.

Ainsi, ils seront un, comme toi et moi, nous sommes un. »

Jaona / Jean 17.11

SALAMO 27 (MRV)

Tsara antoka ny ao amin'ny tranon'NY TOMPO

1 NY TOMPO no fahazavako sy famonjena ahy; iza no hatahorako ? NY TOMPO no fiarovana mafy ho an'ny aiko; iza no hangovitako?

2 Raha manatona ahy mba hihinana ny nofoko ny ratsy fanahy izay fahavaloko sy rafiko dia izy tenany ihany no tafintohina ka lavo.

3 Na dia misy tafika mitoby hiady amiko aza dia tsy hatahotra ny foko; na dia misy ady mihatra amiko aza dia hatoky ihany aho.

4 Zavatra iray loha no nangatahiko tamin'NY TOMPO, izany no hotadiaviko : Ny hitoetra ao amin'ny tranon'NY TOMPO amin'ny andro rehetra hiainako mba hijery ny hatsaran'NY TOMPO sy handinika ny tempoliny.

5 Fa hanafina ahy ao an-trano fialofany izy amin'ny andro fahoriana; hampierey ahy ao amin'ny fierena ao an-dainy izy; hanandratra ahy ho eny ambony vatolampy izy.

6 Koa ankehitriny dia hisandratra ho ambonin'ny fahavaloko manodidina ahy ny lohako ka hanolotra fanatitra hihobiana ao an-dainy aho; hihira sy hankalaza NY TOMPO aho.

7 Mihainoa, TOMPO ô, fa mitaraina mafy aho; mamindrà fo amiko ka valio aho!

8 Raha hoy lanao: Tadiavonareo ny tavako ! Dia hoy ny navalin'ny foko: Eny, ny tavanao no tadiaviko, TOMPO ô !

9 Aza manafina ny tavanao amiko, aza mandroaka ny mpanomponao an-katezerana ! Lanao no famonjena ahy, aza manary na mahafofy ahy, ry Andriamanitry ny famonjena ahy !

10 Efa nahafofy ahy ny ray aman-dreniko nefa mandray ahy kosa NY TOMPO.

11 Ampianaro ny lalanao aho, TOMPO ô; tariho amin'ny lalana tokony halehako aho noho ny fahavaloko.

12 Aza manolotra ahy ho amin'ny sitrapon'ny mpampahory ahy fa mitsangana hiampanga ahy ny vavolombelona mandainga izay mifofo loza.

13 Raha izay re aho no tsy nanantena hahita ny fahasoavan'NY TOMPO amin'ny tanin'ny velona !

14 Manantenà NY TOMPO ianao ! Matokia, ary aoka hahery ny fonao ! Eny, manantenà NY TOMPO ianao !

PSAUME 27 (PDV)

Près du Seigneur, je n'ai pas peur

1 Psaume de David. Le Seigneur est ma lumière et il me sauve, je n'ai peur de personne. Le Seigneur protège ma vie avec puissance, je ne tremble devant personne.

2 Quand des gens mauvais s'avancent pour me détruire, ce sont eux, mes ennemis féroces, qui perdent l'équilibre et qui tombent.

3 Si une armée se prépare à m'attaquer, je n'ai pas peur. Même si on me fait la guerre, je garde confiance.

4 Je demande une chose au Seigneur, je cherche une seule chose : habiter la maison du Seigneur tous les jours de ma vie. Là, je veux admirer sa beauté et le contempler dans son temple.

5 Oui, quand tout va mal, le Seigneur m'abrite sous son toit. Il me cache au fond de sa maison, il me place en sécurité au sommet d'un rocher.

6 Maintenant je regarde fièrement les ennemis qui m'entourent. Dans la maison du Seigneur, je peux offrir des sacrifices au milieu des cris de joie. Je veux chanter, je veux jouer pour le Seigneur.

7 Écoute-moi, Seigneur, je t'appelle ! Aie pitié de moi, réponds-moi !

8 Je pense à ce que tu as dit : « Cherchez mon visage ! » Seigneur, c'est ton visage que je cherche.

9 Ne me cache pas ton visage, ne me repousse pas avec colère ! C'est toi, mon secours, ne me quitte pas, ne m'abandonne pas, Dieu, mon sauveur !

10 Même si mon père et ma mère m'abandonnent, le Seigneur me recevra.

11 Seigneur, montre-moi ton chemin, conduis-moi sur une route sans obstacle à cause de ceux qui me surveillent en cachette.

12 Ne me livre pas aux griffes de mes adversaires. Oui, de faux témoins se lèvent contre moi, en crachant la violence.

13 Mais, j'en suis sûr, je verrai la bonté du Seigneur sur cette terre où nous vivons.

14– Compte sur le Seigneur, sois fort, reprends courage, compte sur le Seigneur !

ASAN'NY APOSTOLY 1 : 12 - 14 (MRV)

Ny fiombonan'ny Apostoly

12 Dia niverina nankany Jerosalema izy ireo rehefa avy teo amin'ny tendrombohitra atao hoe Oliva izay akaikin'i Jerosalema, halaviran-dalana azo aleha amin'ny Sabata.

13 Rehefa tafiditra ny tanàna izy ireo dia niakatra ho any amin'ny efitra ambony rihana izay nipetrahanany; i Petera, i Jaona, i Jakoba, i Andrea, i Filipino, i Tomasy, i Bartolomeo, i Matio, i Jakoba zanak'i Alfeo, i Simona Zelota ary i Jodasy, zanak'i Jakoba no tao.

14 Ireo rehetra ireo dia niray saina sady naharitra nivavaka niaraka tamin'ny vehivavy sy i Maria, renin'i Jesosy, ary ireo rahalahiny.

ACTES DES APOTRES 1 : 12 - 14 (PDV)

Le groupe des apôtres

12 Alors les apôtres quittent la colline appelée « mont des Oliviers » et ils retournent à Jérusalem. Ce n'est pas très loin, à un kilomètre environ.

13 Quand ils arrivent à Jérusalem, ils vont dans une pièce, en haut d'une maison, c'est là qu'ils ont l'habitude de se réunir. Il y a Pierre, Jean, Jacques et André, Philippe et Thomas, Barthélemy et Matthieu, Jacques le fils d'Alphée, Simon le nationaliste et Jude le fils de Jacques.

14 Tous prient fidèlement d'un seul cœur. Avec eux, il y a quelques femmes, Marie la mère de Jésus, et les frères de Jésus.

1 PETERA 4 : 13 - 16 (MRV)

13 Fa mainka mifalia araka ny iombonanareo fijaliana amin'i Kristy mba hifalianareo sy hiravoravoanareo koa amin'ny fisehoan'ny voninahiny.

14 Sambatra ianareo raha haratsina noho ny anaran'i Kristy, fa ny Fanahin'ny voninahitra, dia ny Fanahin'Andriamanitra no mipetraka aminareo!

15 Fa aoka tsy hisy eo aminareo hijaly satria mpamono olona, na mpangalatra na mpanao ratsy na mpitsabaka amin'ny raharahan'ny hafa.

16 Fa raha misy mijaly satria Kristiana dia aoka tsy ho menatra izy; fa aoka hankalaza an'Andriamanitra amin'izany anarana izany izy.

1 PIERRE 4 : 13 - 16 (PDV)

13 Si vraiment vous participez aux souffrances du Christ, soyez joyeux. Alors, quand vous verrez sa gloire, vous serez également heureux et pleins de joie.

14 Si on vous insulte parce que vous êtes disciples du Christ, quel bonheur pour vous ! L'Esprit de Dieu, l'Esprit glorieux est sur vous !

15 Parmi vous, si quelqu'un souffre, il ne faut pas que cela lui arrive parce qu'il a tué, parce qu'il a volé, parce qu'il a fait le mal, ou parce qu'il a semé le désordre.

16 Mais s'il souffre parce qu'il est chrétien, il ne doit pas avoir honte. Il doit plutôt remercier Dieu de pouvoir porter le nom du Christ.

JAONA 17 : 1 - 11 (MRV)

Mivavaka ho an'ny mpianany Jesosy

- 1 Rehefa nolazain'i Jesosy izany teny izany dia nanandratra ny masonry ho amin'ny lanitra Izy ka niteny hoe: Ray ô, tonga ny fotoanandro; mankalazà ny Zanakao mba hankalazan'ny Zanaka Anao,
- 2 araka ny nanomezanao Azy fahefana amin'ny nofo rehetra mba hanome fiainana mandrakizay ho an'izay rehetra nomenao Azy.
- 3 Ary izao no fiainana mandrakizay dia ny mahafantatra Anao izay Andriamanitra tokana sady marina sy Jesosy Kristy izay nirahinao.
- 4 Izaho efa nankalaza Anao tetỳ ambonin'ny tany; vitako ny asa nomenao Ahy hataoko.
- 5 Ary ankehitriny, Ray ô, mankalazà Ahy amin'ny tenanao, dia amin'ny voninahitra niarahako nanana Taminao, fony tsy mbola ary izao tontolo izao.
- 6 Nasehoko tamin'ny olona izay nomenao Ahy avy tamin'izao tontolo izao ny anaranao; Anao ireny ka nomenao Ahy; ary notandreman'ny teninao.
- 7 Fantany ankehitriny fa avy Taminao izay rehetra efa nomenao Ahy.
- 8 Fa ny teny izay nomenao Ahy dia nomeko azy kosa, ary noraisiny ka fantany marina tokoa fa avy Taminao Aho; ary nino izy fa lanao no naniraka Ahy.
- 9 Mangataka ho azy Aho; tsy mangataka ho an'izao tontolo izao Aho, fa ho an'izay nomenao Ahy satria Anao izy.
- 10 Ary izay Ahy rehetra dia Anao ary izay Anao dia Ahy; ary efa ankalazaina eo aminy Aho.
- 11 Ary tsy ho eto amin'izao tontolo izao intsony Aho, fa izy ireto no ho eto amin'izao tontolo izao, ary Izaho mankany Aminao. Ray masina ô, tehirizo ireo amin'ny anaranao izay nomenao Ahy mba ho iray ihany izy, tahaka ny maha iray Antsika.

[JEAN 17 : 1 - 11 \(PDV\)](#)

Jésus prie pour ses disciples

- 1 *Après que Jésus a dit cela, il lève les yeux vers le ciel et il prie : « Père, le moment est arrivé. Donne de la gloire à ton Fils, pour que ton Fils te donne de la gloire.*
- 2 *Tu lui as donné le pouvoir sur tous les êtres humains. Alors il donnera la vie pour toujours à tous ceux que tu lui as donnés.*
- 3 *Et la vie pour toujours, c'est te connaître, toi, le seul vrai Dieu, et connaître celui que tu as envoyé, Jésus-Christ.*
- 4 *Je t'ai donné de la gloire sur la terre et j'ai fini tout ce que tu m'as donné à faire.*
- 5 *Maintenant, Père, donne-moi cette gloire que j'avais auprès de toi avant que le monde existe.*
- 6 *« J'ai fait connaître ton nom aux hommes. Tu les as pris dans le monde pour me les donner. Ils étaient à toi, tu me les as donnés, et ils ont obéi à ta parole.*
- 7 *Maintenant, tout ce que tu m'as donné, ils savent que cela vient de toi.*
- 8 *En effet, je leur ai donné les paroles que tu m'as données. Ils les ont reçues, ils savent vraiment que je suis venu de toi et ils croient que tu m'as envoyé.*
- 9 *« Moi, je prie pour eux. Je ne prie pas pour le monde, mais je prie pour ceux que tu m'as donnés. Oui, ils sont à toi.*
- 10 *Tout ce qui est à moi est à toi. De même, tout ce qui est à toi est à moi, et ma gloire apparaît en eux.*
- 11 *« Maintenant, je ne suis plus dans le monde, mais eux, ils sont dans le monde. Et moi, je vais auprès de toi. Père saint, garde-les par la force de ton nom, le nom que tu m'as donné. Ainsi, ils seront un, comme toi et moi, nous sommes un.*